# 365Tantara 37. Niafina tao ambany fandriana



# 37. Niafina tao ambany fandriana

NTany Brésil no nitranga ny tantara.

Nisy mpangalatra iray ni¬ditra tao amin'ny trano iray ny hariva.

Mahafantatra an'i Brezila ianao, ilay firenena lehibe izay misy mpilalao baolina kitra maro:

Tahaka an'i Pele, Roamario, Cafu, Ronaldo, Ronaldinio,

Neymar ...



Nandre tabataba dia nikorisa faingana ambany fandriana izy. Tamin’ny fotoana tsy nampoiziny, ny mpianakavy amin’ ny fianakaviana iray dia nivory tao amin’ ilay efitrano niafenany.Ary indro fa nipetraka teo ambony io fandriana io indrindra ny raim-pianakaviana, nandray boky ary namaky izany tamin'ny vady aman-janany. Teny nahafinaritra tokoa; ny mpangalatra anay mbola tsy mbola nahare zavatra toy izany mihitsy. Avy eo, samy nilaza ny heviny momba ilay teny ny tsirairay, ary nitantara ny fomba niarovan'Andriamanitra azy nandritra ny andro. Nony vita ny famakiana, nandohalika nivavaka ny iray trano. Ny ray, ny reny, ny zanaka  dia toa niresaka tamin'ny namana iray izay nanatrika tao amin’ ilay efitrano. Tsy noeritreretin'ilay mpangalatra mihitsy fa afaka miresaka amin'Andriamanitra am-pahatokiana sy fahafahana toy izany isika.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean-Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa


BIBLIA

Avy eo, nivoaka ny fianakaviana ary dia lasa nangina ny tra¬no; samy natory ny tsirairay.

Ary dia nitsoka avy ao amin'ny toeram-piafenany ilay mpangalatra sady mbola nangovitra, nandao faingana ny trano sady tsy nitondra n'inon'inona afatsy ilay boky mainty feno mistery tafajanona teo ambonin’ ny latabatra.



Nandeha ny andro, ary nanohy namaky ity boky ity ilay lehilahy, ny zavatra tokana azony tamin'ny fangalarany. Arakaraky ny hamadi¬hany ny pejy no nahazoany fandresen-dahatra:
Fa ao amin'io boky io ny tena tsiambaratelon'ny faha¬-sambarana!

Nandeha ny volana, ary indray andro, dia nanantona an'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy izy. Ni-bebaka tamin'ny fahotany ary nahazo ny famonjena sy ny famelana ny fahotany.


.365histoires.com

Inona sisa no tokony nataony? Nanatitra ilay boky tany amin'ireo tompony ary nitantara tamin' izy ireo ny tantarany. Ary dia tao amin'ilay efitra io ihany, nandohalika ilay raim-pianakaviana sy ilay mpangalatra niaraka nisaotra an'Andriamanitra, nanao azy ireo ho mpirahalahy ao amin'i Jesosy Kristy. Ndeha hihaino ny Salamo 139:1-3 "Jehovah ô, efa nandinika ahy Hianao ka mahalala ahy. Hianao no mahalala ny fipetrako sy ny fitsangako sady mahafantatra ny hevitro eny lavitra eny. Voadinikao ny toetro, na mandeha aho, na mandry; Ary fantatrao tsara ny alehako rehetra". Eny, fantatry ny Tompo isika tsirairay avy. Maniry antsika Izy mba hanatona Azy mba ho voavela sy hihaona Aminy. Amin'izay fotoana izay dia ho tonga ao amintsika ny fiainany vaovao ary lasa olom-baovao isika. Lasa zanak'Andriamanitra isika!

Ho tahian'Andriamanitra anie ianao!

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean-Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa